# Ilay Voa Tsara Nafafy 12 Aogositra 2018

**Ny famonjena antsika dia amin'ny anaran'i Jehovah, Mpanao ny lanitra sy ny tany.** Salamo 124. 8

**Ary hatoky Anao izay mahalala ny anaranao ; fa tsy foinao izay mitady Anao, Jehovah ô.** Salamo 9. 10

## Mizotra mankany amin'ny fanantenana

Nandritra ny taona maro ity mpifindra monina afghana iray no nirenireny teo anelanelan'i Azia sy Eoropa. Rehefa tonga tany Frantsa izy, dia naniry ny hankany Angletera, mba hitady fiainana tsaratsara kokoa. Ka mba hiampitany ny ranomasina Manche (mampisaraka an'i Frantsa sy Angletera), dia namboatra solon-dakana tamina zavajavatra samihafa avy nampiasaina hitany teny izy : hazofisaka ho fanambaniny, polystyrene nofonosina plastika hampitsingevana, tongo-dtabatra sy haranjono ho andry ipetahan'ny lay, lamba firakotra manify ho lay. Nandeha tamin'io solon-dakana izy no hitan'ireo mpamonjy aina eny an-dranomasina, ka nentiny niverina tany amin'ny toerana niaingany. Koa nanazava izy hoe nizotra nankany amin'ny fanantenana, nefa dia rava teo izany fanantenany izany.

Zava-doza ny hoe tsy manana fanantenana intsony. Raha mihevitra fa tsy manana hoavy intsony aza, na hoe tsy misy dikany intsony ny fiainana, dia mety ho voatarika hanao izay ratsy indrindra. Rehefa hamakivaky ny zava-tsarotra eo amin'ny fiainana, dia afaka miantehitra amin'izay „eo am-pelatanana", na kosa mitoky amin'Adriamanitra. Tena samy hafa tanteraka ireo ! Izay mino an'Andriamanitra sy ny teny fampanantenany, dia manana izay rehetra maha Andriamanitra an'Andriamanitra, ao amin'ny fitiavany, ny fahendreny, ny toetrany tsy miovaova, ny heriny, ny fiandrianany. Izao no lazain'Andriamanitra, Izay tsy mahay mandainga, amin'ny olona tsirairay :

— Te hanome azy „fanantenana ny amin'ny farany" Izy (Jeremia 29. 11).

— Momba azy mandrakariva Izy eo amin'ny andro rehetra iainany, na tsara na ratsy (Matio 28. 20).

— Tsy havelany hiharana fitsapana mihoatra noho izay zakany ny olona (1 Korintiana 10. 13).

— Mankatò ny sitrapony ny zavatra rehetra (Ohabolana 21. 1).

Ny Andriamanitra manome fampanantenana toy izany, dia Ilay Andriamanitra fitiavana sy be famindrampo, vonona ny haneho ny tenany amin'izay mitady Azy. Ianao angamba izany ?